# {Eny, tsy maintsy hanontaniana ianareo, amin'izany andro izany, mikasika ireo anjaram-pahasoavana.}

Tatitra azo avy tamin'i Az-Zobair bn Al-Àwwàm niteny hoe : Rehefa nilatsaka ny andininy masina hoe: {Eny, tsy maintsy hanontaniana ianareo, amin'izany andro izany, mikasika ireo anjaram-pahasoavana.} [At-Takàthor: 8] dia nilaza i Al-Zobayr hoe : Ry irak'Allah ô! Inona no karazana fahasambarana hanontaniana anay? Moave ny atrendry sy ny rano? Dia namaly izy : “Ho tanteraka izany.”

[Tsara] [Notantarain'i al-Tirmizì sy Ibn Màjah]

Rehefa nilatsaka ny andininy hoe: {Eny, tsy maintsy hanontaniana ianareo, amin'izany andro izany, mikasika ireo anjaram-pahasoavana}. Izany hoe : Hanontaniana ianareo ny amin’ny fisaorana noho ny fahasoavana nomen’Allah anareo. Ary hoy i Al-Zobayr bin Al-Àwwàm : “Ry irak’Allah ô! inona no fahasoavana hanontaniana anay? ! Tsy misy afa-tsy fahasoavana roa ihany no eo aminay, izay tsy mitaky fanontaniana akory : dia ny atrendry sy rano izany ! Ka nilaza ny Mpaminany (S.A.W) : Raha ny aminareo kosa, dia hanontaniana ianareo momba ny fahasambarana amin’izao toe-piainana misy anareo izao, satria fahasoavana roa lehibe avy amin’Allah Tsitoha ireo.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65075

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee